TATITRY NY FILANKEVITRY NY MINISITRA NATAO TAO AMIN'NY LAPAM-PANJAKANA IAVOLOHA

ALAROBIA 13 JANOARY 2021

I- FAMPAHAFANTARANA

IREO MIFINDRA MONINA AVY ANY ATSIMO :

30% ny mponina any amin'ireo kaominina vitsivitsy any Atsimo no nanomboka nifindra monina namonjy ny faritra avaratra sy andrefan'ny Nosy nanomboka ny taona 2015 no mankaty araka ny fanadihadiana nataon'ny OIM. Saika isan-taona rehefa main-tany no tena hiantombohan'izy io noho ny hain-tany, ny fahasimban'ny tontolo iainana vokatry ny fiovan'ny toetrandro ary ny tsy fanjarian-tsakafo. Isan'ny miteraka olana ho an'ireo faritra hifindra-monina sy ireo faritra nialana koa anefa izy ity na eo amin'ny lafiny fiaraha-monina na ny lafiny ara-toekarena na ny ara-tsosialy. Tany am-boalohany lehilahy no maro amin'ireo nifindra monina saingy nitombo izany ka lasa fianakaviana iray manontolo mihitsy no mifindra monina ankehitriny noho ny antony maro samihafa toy ny faharavan'ny tokantrano, tsy fahampian'ny hoenti-manana ary fikorontanan'ny fiarahamonina vokatr'ilay fijanonana irery na an-tany nilana ravinahitra na an-tany nihaviana nonenan'ny fianakaviana. Noho ireo antony ireo dia nivoatra ireo karazana olona mifindra monina avy any Atsimo. Hita tamin'ny fanisana natao fa misy mpianatra na mpila ravinahitra namonjy fodiana, nitondra ny fianakaviany niala tany noho ny tahotra ny tsy fanjarian-tsakafo. Tao koa ireo mpanararaotra na voarebireby ka nisy namitaka ny hahazo fanampiana. Hisy ireo vaomiera manokana iraisan'ny ministera isan-tokony amin'ny fanampiana azy ireo sy fanarahana ny fipetrahany any amin'ireo toerana nosafidian'izy ireo hipetrahana toy ny any Aavaratra sy ny Bongolava izay afaka mandray fianakaviana miisa 1200. Misy filàna mpiasa manao asa- tanàna sy asa fambolena any Tsiroanomandidy, ka izay vonona ny hamboly dia afaka omena ilay antsoina hoe « titre vert» hahafahan'izy ireo mamboly sy miavotra. Tsy azo amidy na hanaovana sehatr'asa hafa ankoatra ny fambolena sy fiompiana ny sombin-tany azon'izy ireo.

Araka ny tatitra ara-tsosialy voaray, ny mponina avy any amin'ny faritra Atsimo dia tsy mahafoy ny tany nipoirany. Noho izany hohafainganina ny fametrahana ireo zara-tany hambolena sy hiompiana mirefy 1000m² isam- pianakaviana hatao ao Ifotaka.

Izany no natao dia ho fitazomana ireo mbola tavela any amin'ny faritra nihaviany hiaina ara-dalàna any, na ihany koa hamerenana ireo niala sy voafitaka mba hiverina ka ho afaka miaina tsara sady miasa no miaro ny tontolo iainana.

Ho an'ireo mandalo eto an-drenivohitra izay hihazo ny faritra nosafidiany nefa lany vatsy kosa dia noraisin'ny ministeran'ny mponina sy ireo tompon'andraikitra isan-tokony, tahaka izay efa natao tany Fianarantsoa, ny fanampiana azy ireo hamonjy ilay faritra nosafidiany.

KARINEM-POKONTANY :

Tsy maintsy manana karinem-pokontany ny tokantrano rehetra manerana an'i Madagasikara rehefa manao raharaha ara-panjakana hahafahana mandrindra sy mandamina ary mamaly ny filàn'ny mponina indrindra eny aminy biraom-panjakana. Hivoaka mialoha ny faran'ny volana ny ampahany amin'ny karinem-pokontany vaovao. Hisy ireo fokontany "pilotes" hanombohana izany ao anatin'ny tanànan'Antananarivo Renivohitra. Fiaraha-miasa eo anivon'ny sampan-draharaha eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika na ny PREA, ny kaominina sy ny ministeran'ny ati- tany sy ny fitsinjaram-pahefana ary ireo ministera isan-tokony izay nifandrimbona nanao ny fanisana isan-tokantrano ny taona lasa no hoentina manatanteraka izany.

FIAROVANA NY TONTOLO IAINANA:

Ny 19 Janoary 2021 no hanokafana amin'ny fomba ofisialy ny taompam-bolenkazo 2021 ka any Taolagnaro no hanatanterahana izany. Amin'io fotoana io koa no hanaovana ny andron'ny fambolen-kazo any an- tsekoly na ny « journée de reboisement scolaire » manerana ny Nosy izay mitondra ny lohahevitra hoe : « Mamboly hazo tia tanindrazana, mandoro ala mandoro tanindrazana ». Maro ny fahasimban'ireo faritr'ala sy ny tontolo iainana saika manerana ny Nosy indrindra ny any amin'ny faritra Atsimo izao miteraka ireo fifindra-monina sy hain-tany ary tsy fanjarian-tsakafo izay mila hanaovana asa goavana sy haingana.

Noho ny fandaminana isan-karazany sy ny maha zavadehibe ny fiarovana ny tontolo iainana dia nahemotra andro vitsivitsy ny fampahafantarana ho an'ny rehetra ny fandaharanasa PEM.

• II- FANDANIANA VOLAVOLAN-DALANA SY DIDIM-PANJAKANA

Araka ny tolo-kevitry ny Fiadidiana ny Repoblika :

- Noraisina ny didim-panjakana mametraka eo anivon'ny Fiadidiana ny Repoblika ny ANAF na ny Agence Nationale Anti- Fraude mba hanaraha-maso ireo hosoka sy hanenjehana ireo mpanao hosoka araka izay voafaritra ao anatin'ny lalàna. Hanao ny fanadihadiana rehetra manodidina ireo hosoka rehetra ny ANAF ary hiara-hiasa akaiky tanteraka amin'ireo sampan- draharaham-panjakana mahefa mpampihatra ny lalàna araka ny fahefana nomen'ny lalàna azy ireny.

Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Ati-tany sy ny fitsinjaram-pahefana:

- Noraisina ny didim-panjakana mametraka ny « Ivom-Panajariana ny Tanànan'Antananarivo sy ny Manodidina » (IPAM) ho isan'ireo fikambanana « reconnu d'utilité publique ».

III- FANENDRENA

Ny Filankevitry ny Minisitra dia nankatoa ny fanendrena ireto mpiasampanjakana ambony ireto :

Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny fiarovam-pirenena :

- Général de Division ANDRIAMAHOLY Jaona Solomona, dia voatendry ho « Inspecteur Général » ao amin'ny « Inspection Générale des Armées ».
- Général de Division RAMAHAVONJY Gérard José, dia voatendry ho « Inspecteur Général Adjoint » ao amin'ny « Inspection Générale des Armées ».
- Général de Brigade FANDRO Jean Ferdinand, dia voatendry Inspecteur ao amin'ny « Inspection Générale des Armées ».

Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Ati-tany sy ny Fitsinjaram- pahefana :

- M. TSIRY Nohary Andrianina Harimanana Lalaina, dia voatendry ho lehiben'ny Distrikan'Amparafaravola.

Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Mponina, ny Fiahiana ara-tsosialy ary ny Fampiroboroboana ny vehivavy :

- Ramatoa ANDRIAMANANJARA Nambinina Mauricia, dia voatendry ho Tale misahana ny « Audit et Contrôle Interne ».

Araka ny tolo-kevitry ny Minisitry ny Serasera sy ny Kolontsaina :

- Atoa RANDRIANIRINA Rogesselin, dia voatendry ho « Coordonnateur de la Cellule de Contrôle Interne ».

Araka ny tolo-kevitry ny Sekreteram-panjakana eo anivon'ny Ministeran'ny Fiarovam-pirenena misahana ny Zandarimaria :

- Général de Brigade RAMASITERA Ny Haingo Zafinirina, dia voatendry ho « Coordonnateur » misahana manokana ny ady amin'ny kolikoly sy ny fandraisana ireo fitarainana eny anivon'ny zandarimaria